# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Aogositra 2018

# 29 Alarobia aogositra

**Ianao, Jehovah ô, no itokiako... Fa harambatoko sy baterỳ fiarovana ho ahy Ianao.** Salamo 71. 1, 3

**Vatolampin'ny foko ... Andriamanitra.**
Salamo 73. 26

**Mandatsaka vatofantsika**

Efa nivoatra fatratra ny fahaizana miantsambo, nanomboka tamin'ny andron'ireo razantsika fahiny elabe, izay nampiasa ny zahatra voalohany teny ambony ranomasina. Tsy mitsahatra mihavao ny faritra rehetra eo amin'ny sambo sy ny fitaovana momba azy. Nisy zavatra iray tsy niova firy anefa, dia ny vatofantsika. Milentika any amin'ny tsy hita maso any izy, mba hiantefa amin'ny tany mafy, ka mifikitra tsara eo. Mety ho voahetsiketsika ny sambo, nefa tsy hisy tafiotra hahalasa azy, raha mafy tsara ny tady vy ary mifikitra tsara ny vatofantsika.

Na aiza ianao na aiza, na mbola tanora na efa antitra, dia alatsaho ny vatofantsiky ny fanantenanao, ho eo amin'Ilay Vatolampy azo hatonina mandrakariva, dia Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra ! Ny tady vy dia maneho ireo teny fampanantenan'Andriamanitra, izay mampifamatotra antsika amin'i Kristy, Ilay Vatolampy azo antoka sy tsy mihontsina, na inona na inona toe-javatra andalovantsika.

Fampaherezana tena lehibe izany, ho an'izay rehetra nandray tam-pinoana ireo teny fampanantenana ireo, sy ny fanantenana „ananantsika ho vatofantsiky ny aina, sady mafy no tsy mihetsika" (Hebreo 6. 18, 19), dia ny hiaraka aminy, tsy ho ela intsony, any an-danitra.

*Na mirohondrohona eo an-tongotro aza ny ranomasina,*
*Ary misioka mafy manodidina ahy ny rivotra,*
*Dia eo amin'i Kristy, Ilay Vatolampiko, no miorina*
*Ny fanantenako sy ny finoako.*

*Eo anivon'ny tafiotra ve ianao,*
*Mahita io fialofana io ?*
*Eny, raiso ilay tana-maherin'i*
*Jesosy, Izay namonjy ahy.*